FILAZANA MANOKANA MOMBA NY TOETRY NY ANDRO ETO MADAGASIKARA


***Fiforonana andro ratsy ao amin'ny ranomasimbe Indiana***

*****************************************

**Novokarina ny** : 18 Oktobra 2025 tamin'ny 01 ora atoandro

## A. Firafitra Ankapoben'ny toetry ny andro

Misy faritra andro ratsy mitoetra ao amin'ny ranomasimbe Indiana, ao Atsimo Atsinanan'i Nosy Diego Garcia. Hita taratra amin'ny sarin'ny zanabolana fa mahazo hery miandalana ny tambolon-drivotra miaraka aminy, arahina rahom-baratra midadasika manodidina ny foibeny. Dépression Tropicale ny sokajy misy azy ankehitriny. Nikisaka niakandrefana izy tato anatin'ny 24 ora farany ka nahafaka 20 Km/ora. Tamin'ny 12 ora atoandro teo dia any amin'ny manodidina ny 2758 Km Atsinanana somary Avaratra Atsinanan'i Antalaha no nisy ny foibeny.





***Sary 1 : Sary azo avy amin'ny zanabolana ny 18/10/2025 tamin'ny 12 ora atoandro***

Araka ny singa voaray ny maraina teo dia tombanana manodidina ny 55 Km/ora ny rivotra miaraka aminy, arahina tafiotra 70 Km/ora ao anaty oram-baratra.

## B. Fironana ato anatin'ny dimy andro manaraka

Hanohy ny diany hiakandrefana somary Atsimo Andrefana ity faritra andro ratsy ity ato anatin'ny dimy (5) andro manaraka. Tomombana amin'ny ankapobeny ny firafitry ny habaka, ka hanamora ny fivoarany. Noho izany dia vinavinaina ho lasa rivodoza ity faritra andro ratsy ity ato anatin'ny 24 ora manaraka. Raha izay no miseho dia hitondra ny anarana hoe CHENGE izy.




***Sary 2** : Vinavinan'ny mety ho lalany mandritra ny dimy andro manaraka*

Tsy hisy fiantraikany amin'ny toetry ny andro eto Madagasikara ny fisiany ato anatin'ny dimy andro ho avy. Tsy mbola misy ihany koa ny filazana loza mikasika ity tranga ity. Entanina kosa ny mponina amin'ny faritra DIANA, SAVA ary AMBATOSOA mba hanaraka ny vaovaon'ny toetry ny andro indrindra manomboka ny fiandohan'ny herinandro manaraka.

Araho mandrakariva ihany koa ny toro-marika omeny manam-pahefana isan-tokony.

**Vaovao manaraka** : rahampitso 19/10/2025

==========NNNN============

Le Prévisionniste